

God Loves All His Children

By Elder Gregorio E. Casillas
Of the Seventy

Tia ny zanany rehetra Andriamanitra

Nataon'ny Loholona Gregorio E. Casillas
Ao amin'ny Fitopololahy

October 2024 general conference

Jesus Christ is always calling upon us, and He uses us, His ordinary servants, to help bring His children to Him.

What does our Heavenly Father desire from you? Do you understand that when you were in your premortal existence, Heavenly Father was preparing you for your life on earth? Speaking to youth, President Russell M. Nelson taught, “Our Heavenly Father has reserved many of His most noble spirits—perhaps ... His finest team—for this final phase.” Because we have been reserved for these latter days, it is crucial for us to learn to be disciples of Jesus Christ.

The Lord Jesus Christ is the Good Shepherd, and He knows His flock, and the flock knows its Shepherd because “he calleth his own sheep by name.” He is always calling upon us, and He uses us, His ordinary servants, to help bring His children to Him.

A while ago, a stake president and I were visiting members of the Church in a local neighborhood. After we finished our scheduled visits, the stake president asked me if we could go see one more family. He felt impressed that we should talk with them.

We knocked on the door, and a sister opened it. She looked at me, but she didn’t know who I was, so she didn’t express much. I pointed my hand toward the stake president, who greeted her by name. As soon as she heard and saw him, she

Miantso antsika mandrakariva ary mampiasa antsika izay mpanompony tsotra i Jesoa Kristy mba hanampy hitondra ireo zanany hankany Aminy.

Inona no irin’ny Raintsika any An-danitra avy aminao? Moa ve takatrao fa fony ianao tany amin’ny fiainana talohan’ny nahaterahana dia nanomana anao ho amin’ny fiainanao eto an-tany ny Ray any An-danitra? Raha niresaka manokana tamin’ireo zatovo ny Filoha Russell M. Nelson, dia nampianatra izy hoe: “Natokan’ny Raintsika any An-danitra ny maro amin’ireo fanahiny mahery indrindra—aleo angamba ataoko hoe ny ekipany mahery indrindra—ho an’ity dingana farany ity.” Koa satria natokana ho an’izao andro farany izao isika dia zava-dehibe ho antsika ny mianatra ny ho mpianatr’i Jesoa Kristy.

Ny Tompo Jesoa Kristy no ilay Mpiandry Tsara ary fantany ny ondriny ary ireo ondry dia mahafantatra ny Mpiandry azy ireo satria “izay ondriny tokoa dia antsoiny amin’ny anarany.” Miantso antsika mandrakariva ary mampiasa antsika izay mpanompony tsotra Izy mba hanampy hitondra ireo zanany hankany Aminy.

Fotoana elaela lasa izay dia nitsidika mpi-kamban’ny Fiangonana tao amin’ny tanàna iray teo an-toerana izaho sy ny filohan’ny tsatòka iray. Rehefa nahavita ireo fitsidihana voarindra mialoha izahay dia nanontany ahy ny filohan’ny tsatòka raha toa ka mbola afaka mitsidika fianakaviana iray hafa izahay. Nahatsapa izy fa tokony hiresaka tamin’izy ireo izahay.

Nandondona ny varavarana izahay dia nisy rahavavy iray nanokatra izany. Nijery ahy izy saingy tsy fantany aho ka dia tsy naneho fihetsika firy izy. Nonondro ny filohan’ny tsatòka aho izay niarahaba azy tamin’ny anarany. Vantany vao

rejoiced. Standing there at the door, they both hugged each other and cried together. This set the tone for our visit. We didn't know that the sister had received chemotherapy the day before. She felt too weak to care for her adult son. So I helped the stake president dress her son, and we put him in his wheelchair. We fed him the food that another sweet sister from the ward had brought earlier, and we helped with other tasks. Before we left their home, we were able to bless them.

All that was going through my mind during this visit was a confirmation that Jesus Christ loves them deeply. He understands them and personally knows the pain of their unique situation. Almost the entire visit happened in silence. On this occasion we did not give a big sermon or share our favorite scripture, but the Lord blessed us with His Spirit abundantly.

One of the greatest reasons your Heavenly Father sent you here at this time is so that you can realize your full potential. Preach My Gospel teaches us that as disciples of Christ, we should avoid comparing ourselves to one another. Your spiritual abilities are unique, personal, and innate, and your Heavenly Father wants to help you develop them. There will always be someone you can help feel the love of your Heavenly Father. Your potential is divine. While it's certainly important to prepare yourself to succeed in this very competitive world, one of your crucial missions throughout your life is to become a disciple of Jesus Christ and to follow the impressions of the Spirit. As you do this, God will bless your life; He will bless your current or future family; and He will bless the lives of His children who you encounter.

We live in a time of great opportunity. Although we face many difficulties, I know they are there in part to allow us to help others feel the

nandre sy nahita azy izy dia faly. Nifamihina sy niara-nitomany izy ireo raha nijoro teo am-baravarana. Izany dia nanomana ny lalana ho an'ilay fitsidihana nataonay. Tsy nahafantatra izahay fa ny andro talohan'io dia nanao chimiothérapie ilay rahavavy. Nahatsapa ho reraka loatra izy ka tsy afaka nikarakara ilay zanany lahy efa lehibe. Ka noho izany dia nanampy ny filohan'ny tsatòka nampiakango ilay zanany lahy aho ary avy eo napetrakay teo amin'ny seza misy kodiarana izy. Nomenay azy ny sakafo izay noentin'ny rahavavy tsara fanahy iray hafa avy tao amin'ilay paroasy ary nanampy tamin'ireo asa hafa ihany koa izahay. Nanana fahafahana nanome tsodrano azy ireo izahay nialoha ny nandaozanay ny tokantranon'izy ireo.

Ny hany zavatra nandalo tao an-tsaiko nandritra ilay fitsidihana dia ny fanamafisana fa tena tia azy ireo i Jesoa Kristy. Mahatakatra azy ireo Izy ary fantany manokana ny fanaintainana misy ao anatin'ny toe-javatra miavaka iainan'izy ireo. Saika tao anaty fahanginana avokoa no nizoran'ilay fitsidihana. Tsy nanao toriteny goavana na nizara ny soratra masina tianay indrindra izahay tamin'io fotoana io kanefa nitahy anay tamin'ny Fanahiny tokoa ny Tompo.

Iray amin'ireo antony nandefasan'ny Rainao any An-danitra anao teto amin'izao fotoana izao ny mba hahatratraranao tanteraka ilay hery anaty anananao. Ny Torio Ny Filazantsarakodia mampianatra fa amin'ny maha-mpianatr'i Kristy antsika dia tokony hiala amin'ny fampitahana ny tenantsika amin'ny hafa isika. Tena miavaka sy natao ho an'ny tenanao manokana ary voajanahary ireo fahaiza-manao ara-panahy anananao ary maniry ny hanampy anao hampitombo azy ireny ny Rainao any An-danitra. Misy foana ny olona iray azonao ampiana mba hahatsapa ny fitiavan'ny Rainao any An-danitra. Masina ilay hery anaty anananao. Na dia azo antoka aza fa manan-danja ny tokony hanomananao ny tenanao mba hahomby ao anatin'ity tontolo tia mifaninana ity dia isan'ireo iraka lehibe eo amin'ny fiainanao ny ho lasa mpianatr'i Jesoa Kristy sy hanaraka ny fitaoman'ny Fanahy. Rehefa manao izany ianao dia hitahy ny fiainanao sy hitahy ny fianakavianao ankehitriny sy rahatrizay ary hitahy ny fiainan'ireo zanany izay hifanehatra aminao Andriamaniatra.

Miaina ao anatin'ny fotoana isian'ny tombontsoa lehibe isika. Na dia matrika fahasarotana maro aza isika dia fantatro fa isan'ny antony

love of our Heavenly Father. President Nelson taught, “In coming days, we will see the greatest manifestations of the Savior’s power that the world has ever seen.” We have the privilege to watch over people who need a helping hand, an embrace, a feeling of comfort, or for us simply to be with them in silence. If we can help lighten their burdens, even if only for a moment, then we will be able to see the great manifestations of the Savior’s power in their lives.

As disciples of Jesus Christ, Latter-day Saints can make a positive difference in the world. We can provide a sense of joy that is reflected in our countenance—a joy that we share with words of love and acts of kindness. Let us be good neighbors, good employers, good workers. Let us strive to be good Christians at all times.

The Lord has restored His gospel with the necessary ordinances so that Heavenly Father’s children can have all the promises that bind us to Him. By helping our sisters and brothers in their daily challenges, let us also remember to help them make and keep these sacred promises with their Heavenly Father so that He in turn can promise them the richest blessings for this life and for eternity. These promises are only made possible through the Restoration of the gospel of Jesus Christ and His priesthood keys.

In other words, we can help others stay on the covenant path. Some of us deviate from the path from time to time, and so we must remember that for our Heavenly Father we always have the possibility of returning. Even if our course is not the most perfect, the Savior always reminds us, “As oft as [we repent] and [seek] forgiveness, with real intent, [we will be] forgiven.”

isian’izany ny fanomezana antsika fahafahana hanampy ny hafa hahatsapa ny fitiavan’ny Rain-tsika any An-danitra. Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: “Amin’ny andro ho avy dia ho hitantsika ny fisehoan’ny herylehibe indrindran’ny Mpamonjy izaytsy mbolahitan’izao tontolo izao hatrizay.” Manana ny tombontsoa manokana ny hiambina ireo olona izay mila fanampiana, fihina, fahatsapana ho misy mpampionona na ny fiarahantsika tsotra izao amin’izy ireo ao anatin’ny fahanginana isika. Raha afaka manampy manamaivana ny enta-mavesatra entin’izy ireo isika na dia mandritra ny fotoana fohy fotsiny aza dia hahita ny fanehoana goavana ny herin’ Andriamanitra eo amin’ny fiainan’izy ireo.

Amin’ny maha mpianatr’i Jesoa Kristy azy ireo, ny Olomasin’ny Andro Farany dia afaka mitondra fiovana amin’ny tsara eo amin’izao tontolo izao. Afaka manampy amin’ny fitondrana fifaliana izay hita taratra eny amin’ny tarehintsika isika; fifaliana izay zaraintsika amin’ny alalan’ny teny feno fitiavana sy fihetsika feno hatsaram-panahy. Aoka isika mba ho namana, mpampiasa, mpiasa tsara. Aoka isika mba ho Kristianina tsara amin’ny fotoana rehetra.

Naverin’ny Tompo amin’ny laonina ny filazantsarany mbamin’ireo ôrdônansy ilaina mba hahazoan’ireo zanaky ny Ray any An-danitra ireo fampanantenana rehetra izay mamatotra antsika Aminy. Amin’ny fanampiana ireo anabavintsika sy rahalahintsika amin’ny olan’izy ireo isan’andro dia aoka isika hahatsiaro ihany koa ny hanampy azy ireo hanao sy hitandrana fampanantenana masina amin’ny Rain’izy ireo any An-danitra mba hahafahany mampanantena azy ireo ireo fitahiana sarobidy indrindra eto amin’ity fiainana ity sy amin’ny mandrakizay. Ireo fampanantenana ireo dia tanteraka amin’ny alalan’ny Famerenana amin’ny laoniny ny filazantsaran’i Jesoa Kristy sy ireo fanalahidin’ny fisoronany.

Raha lazaina amin’ny teny hafa dia afaka manampy ny hafa hijanona eo amin’ny lalan’ny fanekepiahavanana isika. Ny sasany amintsika dia miala amin’ilay lalana indraindray ka tokony hotsaroantsika fa amin’ny Raintsika any An-danitra dia manana fahafahana ny hiverina foana isika. Eny fa na dia tsy dia ilay faran’izay tonga lafatra aza ny lalana arahintsika dia mampahatsiahy antsika mandrakariva ny Mpamonjy hoe: “Raha mbola [mibebaka] sy [mikatsaka] famelan-keloka amin’ny finiavana marina [isika dia ho] voavela heloka.”

One of the crafts of the adversary today is to make us think and believe that there is no way for us to change or that we no longer have hope. This destructive thinking causes many of us to stop trying. And it is at this moment when our love, our words of encouragement and support, our time, and our help can give someone hope enough to try once more.

Maybe you are thinking, “OK, but who ministers to me?” By going and blessing the lives of our brothers and sisters, we will collect testimonies that will fill our lives with faith in the Lord Jesus Christ. These testimonies will revitalize us to try once more ourselves. The Holy Spirit will revive us and help us with renewed testimonies to continue with our own difficulties and personal trials. Whenever we seek to bless the lives of others, the Lord takes mercy upon us even more; He strengthens us and helps us in our lives.

Please remember that the Lord Jesus Christ is your Savior and understands you personally. He knows what it is to have to fulfill a calling and leave things behind to help the children of God. He has the power to bless you in everything if you believe in Him and do not doubt.

My dear brothers and sisters, on that day when a priesthood leader felt impressed for us to visit a mother and a son that we did not have on our agenda, I proclaim that God knew they needed us. And at the end, I was the one who was ministered to. On that day, I received one of the greatest lessons of the Savior’s love for us.

I testify that Jesus Christ is the Savior of the world, that He lives, that He lived and died for you and me, and that He was resurrected for you and me so that we can aspire to celestial reunions full of joy with those who are already on the other side of the veil. I know that He understands

Iray amin’ireo famitahana ampiasain’ilay fahavalo ankehitriny ny famporisihana antsika hieritreritra sy hino fa tsy misy fomba hahafahantsika miova na koa hoe lany fanantenana isika. Izany fomba fisainana manimba izany dia mitarika ny ankamaroantsika tsy hanao ezaka intsony. Ary amin’izay fotoana izay indrindra no hahafahan’ny fitiavantsika, ireo teny fankaherezana ataontsika, ny fanohanana sy ny fotoana omentsika ary ny fanampiantsika mampitsiry fanantenana ampy ao amin’ny olona iray mba hanaovany ezaka indray mandeha indray.

Mety mieritreritra ianao hoe: “Eny ary, fa iza indray izany no mba hanompo ahy?” Rehefa mitahy ny fiainan’ireo rahalahintsika sy anabavintsika isika dia hanangona fijoroana ho vavolombelona izay hameno ny fiainantsika amin’ny finoana an’i Jesoa Kristy, Tompo. Ireo fijoroana ho vavolombelona ireo dia hahavelom-bolo antsika indray mba hanaovantsika ezaka indray mandeha indray. Ny Fanahy Masina dia hamelombelona antsika indray ary hanampy antsika hanana fijoroana ho vavolombelona nohavaozina mba hahafahantsika manohy matrika ireo fahasahiranana sy fisedrana lalovantsika manokana. Isaky ny mikatsaka ny hitahy ny fiainan’ny hafa isika dia mahatsapa famindram-po sesehena ho antsika ny Tompo; mampahatanjaka antsika sy manampy antsika eo amin’ny fiainantsika Izy.

Miangavy aho ny hahatsiarovanao fa i Jesoa Kristy, Tompo dia ilay Mpamonjy anao ary mahatakatra anao manokana Izy. Fantany izany hoe manana antso ka mahafoy zavatra izany mba hanampiana ireo zanak’ Andriamanitra. Manana ny hery hitahiana anao amin’ny zava-drehetra Izy raha mino Azy sy tsy miroanahana ianao.

Ry rahalahy sy anabavy malala, tamin’io andro io raha nahatsapa ho notaomim-panahy ny mpitarika iray ao amin’ny fisoronana mba hitsidihanay reny iray sy ny zanany lahy iray, izay tsy tao anatin’ny drafitra nataonay akory, dia manambara aho hoe fantatr’ Andriamanitra fa nila anay izy ireo. Ary tamin’ny farany dia izaho no ilay notompoina. Tamin’io andro io dia naharay iray tamin’ireo lesona lehibe indrindra momba ny fitiavan’ny Mpamonjy antsika aho.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no ilay Mpamonjy izao tontolo izao, fa velona Izy, fa niaina sy maty ho ahy sy ho anao Izy ary nitsangana tamin’ny maty ho ahy sy ho anao mba hahafahantsika miandrindra fihononana selestialy feno fifaliana amin’ireo izay

you and me perfectly. He understands each of our difficult moments, and He has the power to help us in those moments when we feel most vulnerable. I know that the Lord Jesus Christ and our Heavenly Father appeared to Joseph Smith to restore the gospel in these days. I know that our dear prophet, President Russell M. Nelson, is a prophet of the Lord, and I testify of these things in the name of Jesus Christ, amen.

efa any amin'ny lafiny ilan'ny voaly. Fantatro fa mahatakatra ahy sy anao tanteraka Izy. Mahatakatra ireo fotoan-tsarotra lalovan'ny tsirairay amintsika Izy ary manana ny hery hanampiana antsika amin'ny fotoana izay ahatsapantsika ho tena marefo indrindra. Fantatro fa i Jesoa Kristy, Tompo sy ny Raintsika any An-danitra dia niseho tamin'i Joseph Smith mba hamerina amin'ny laoniny ny filazantsara amin'izao andro izao. Fantatro fa ny Filoha Russell M. Nelson, mpaminany malalantsika, dia mpaminanin'ny Tompo ary ireo rehetra ireo no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.